



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-33

**FANDINIHANA NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-02-2019/PL «RELATIVE
AUX PROFESSIONS ET ACTIVITÉS DU CINÉMA», NATOLOTRY NY
SOLOMBAVAMBAHOAKA JOHASY RAHARISOA ELÉONORE,
VOAFIDY TAO VANGAINDRANO**

Fivoriana faha-20

Natao ny

Alarobia 4 Desambra 2019

- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - MICHELLE Bavy Angelica
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alarobia 4 Desambra 2019, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL «relative aux professions et activités du cinéma», natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, voafidy tao Vangaindrano.

Nitohy ny Alarobia 4 Desambra 2019, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga no nitarika ny fivoriana.

Nampahatsiahin-dRamatoa Filoha, ny fandaharam-potoana rehefa avy niarahaba ny mpivory izy.

Talohan'ny nirosoana tamin'izany, samy nanonona ny anarany ny Solombavambahoaka tonga nivory mba hosolon'ny fiantsoana anarana.

Rehefa izany, nomeny ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny fitenenana hitondrany ny tatitry ny asam-baomera, ka Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alatsinainy 2 Desambra 2019, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran'ny Serasera, Fahampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, ny Vaomieran'ny Kolotsaina, Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto, ny Vaomieran'ny Lalàna.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, Filohan'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- 2- RABENIRINA Jean Jacques
- 3- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 4- RAKOTONDRA SOA Fetra
- 5- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 6- RAVENASY Jean Emanielson
- 7- RASOAZANANERA Marie Monique
- 8- ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta sy ireo mpisehatra avy amin'ny tontolon'ny sarimihetsika:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAZAFIARISON Francis Alexandre
- 2- RAKOTONDRATAFIKA Henintsoa
- 3- RALAIMAZAVA Johary Andriamahery
- 4 RATO VONIRINA Faly
- 5- RAONISON Andrianjaka
- 6- HARIJAONA Arijal
- 7- HERIMANANTSOA Mahefa Serge
- 8- RANDRIANARISOA Harinirina Henintsoa
- 9- RANAIVOARIVELO Maharavo

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha, nomeny an-dRamatoa Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa tsy misy intsony ny lalàna mifehy ny asa sy famokarana momba ny sarimihetsika ankehitriny noho ny fanafoanana ny lalàna laharana faha-2017-011 tamin'ny 26 Jolay 2017, tamin'ny alalan'ny didy hitsivolana laharana faha-2019-008 notapahina tamin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 17 Aprily 2019 izay nampiharina avy hatrany noho ny fahamehana.

Efa neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izany tamin'ny alalan'ny fanapahana laharana faha-012-HCC/D3 tamin'ny 5 Jolay 2019 ary voalaza ao anatin'io fanapahana io, fa anjaran'ny tomponandraikitra mahefa no mamolavola lalàna vaovao ho an'ny sehatry ny sarimihetsika ao anatin'ny fotoana fohy. Hita anefa fa mbola mitoetra ny fahabangana amin'io sehatra io, ka ahiana hitarika gaboraraka sy tsy ho voafehy io sehatra io.

Tsy miroborobo noho izany io sehatra io izay tokony hiteraka fampananan'asa sy hampitombo ny harin-karena eto amin'ny firenena sady hampivelatra ny kolotsaina ihany koa. Tsikaritra koa fa mihamaro ny horonan-tsary vahiny satria tsy ampy fanohanana ny vokatra eto an-toerana ary toa izany koa ny tantsoroka avy amin'ny fitondram-panjakana.

Nangetaheta ny hisian'ny lalàna mifehy ny sarimihetsika ireo mpisehatra, ka nahatonga ny tsirin-kevitra taty amin'ny Solombavambahoaka nitondra ny Tolo-dalàna voalaza etsy ambony izay niarahana namolavola.

Ny fisian'ity Tolo-dalàna ity dia antenaina hampazava ny fitsipi-dalao, hiteraka famoronan'asa, fialamboly, fanabeazana, maneho ny Kolotsaina maha Malagasy ary indrindra hisorohana ny gaboraraka. Betsaka mantsy ny horonan-tsary mamoafady tsy mifanaraka amin'ny soatoavina maha Malagasy.

Fanamafisana ny fahefan'ny fanjakana hitantana ny sarimihetsika sy fanajana ny lalàna mifehy ny "propriété intellectuelle" no antony nandrosoana ity Tolo-dalàna ity, izay manaja ny fepetra apetraky ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha 95-II-5, eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Araka ny nambaran-dRamatoa Solombavambahoaka, rehefa nampandalovina tany amin'ny Governemanta ity Tolo-dalàna ity, tsy nitondra fanamarihana sy soso-kevitra mikasika azy io ny fahefana mpanantanteraka, indrindra ny Minisitera voakasik'izany tao anatin'ny 30 andro izay fe-potoana ahafahana manao izany.

Rehefa izany, nisy ny fandraisam-pitenenana nataon'ny teknisiana avy amin'ny Governemanta, ka nambarany ny antony tsy nametrahan'izy ireo "observation" mikasika ity Tolo-dalàna ity:

- Mamerina ny lesoka teo aloha izay nahatonga ny fanafoanana ny lalàna
- Tsy manaraka ny Lalàmpanorenana sy tsy manavaka ny "domaine de la loi" sy ny "domaine réglementaire" ity Tolo-dalàna ity
- Tsy tokony hanaovana lalàna mitokana ny sarimihetsika, fa atambatra amin'ny politika eto amin'ny firenena mikasika ny Kolotsaina "Politique Nationale de la Culture" izay efa hovolavolain'ny Minisitera amin'ny taona 2020
- Hadino ny sehatra hafa toy ny "jeux video"
- Tsy ekena ny olom-boatendry hanana "mandat"
- Voalazan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, fa ny "établissement public" dia raisina amin'ny alalan'ny didim-panjakana fa tsy amin'ny lalàna
- Efa misy rafitra mijoro manohy ny asa mandrapisian'ny lalàna vaovao "ISSM".

Ireo antony ireo indrindra no nahatonga ny Minisitera nangataka ny hanemorana ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity.

Nandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka izay nanatrika teo, namelabelatra sy nanadihady momba ny lalàna teo aloha sy ny nanafoanana azy tao anatin'ny fahamehana kanefa tsy nasiana solony, hany ka miteraka baranahiny sy fitontonganan'io seha-pamokarana io. Miantraika koa amin'ny fiainan'ny mpiasa ao amin'ny rantsamangaika izay tsy nandray karama hatramin'izao, izany hoe efa fito volana. Ny fanafoanana ny lalàna no antony mivantana mahatonga izany tranga izany.

Voalaza ihany koa, fa tsy tokony hatao ankahamehana ny firosoana amin'ity Tolo-dalàna ity sy ny fandania azy; anefa iaraha-mahita fa banga sady tsy voafehy araka ny tokony ho izy ireo mpisehatra, fa samy manao izay azony atao satria tsy misy lalàna azo ampiharina, fa nofoanana tsy nisy hatak'andro.

Fito volana mahery taty aoriana, efa-bolana taorian'ny fanapahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary dimam-polo andro taorian'ny nampitana ny Tolo-dalàna tany amin'ny Governemanta; izany hoe tamin'ny zoma lasa teo, efa ankatoky ny fandania ny Tolo-dalàna vao, nanolotra volavolan-didim-panjakana hametrahana rantsamangaika vaovao hisahana ny sarimihetsika ny tomponandraikitra ao amin'ny Minisiteran'ny Kolotsaina.

Taorian'izany, nisy fandraisam-pitenenana nataon'ny mpisehatra sarimihetsika. Nanamarika izy ireo, fa efa nisy ny fangatahana fihaonana tamin'ny Minisitery tomponandraikitra nataon'ny fikambanana mpisehatra sarimihetsika maromaro, mba hangataka ny fampiharana ny lalàna efa nisy tamin'ny fotoan'androny kanefa mbola tsy nisy valiny hatramin'izao. Mankasitraka ny fandaniana io Tolo-dalàna io ireo mpisehatra ary nomarihin'izy ireo, fa miompana manontolo ho an'ny sarimihetsika izy io, fa tsy mikasika sehatra hafa mihitsy mba hisorohana ny fifanitsahana eo amin'ny tombotsoa iraisana.

Teo ihany koa ny nandroso soso-kevitra mba hitadiavana marimaritra iraisana. Voalaza tamin'izany, fa azo atao tsara ny manao lalàna sy mandray fepetra manokana momba ny sarimihetsika. Mbola azo aravona amin'ny lalàna momba ny Kolotsaina any aoriana any amin'ny taona 2020 araka ny vinavinan'ny Minisitery ary ny didim-panjakana noraisin'ny Minisitery dia voasakan'izany, fa afaka mihatra avy hatrany rehefa avoakan'ny Filankevitry ny Ministra.

Midika izany fa hitatra indray ny fotoana hisian'ny fahabangana sy fametrahana ny sehapihariana sarimihetsika eo ambanin'ny lalàna. Hitatra ihany koa ny tsy fisian'ny fitsipi-dalao vaovao sy mazava, ka hitarazoka ny fampiroboroboana ity sehatra ananan'ny Malagasy talenta sy risipo ary finiavana ity ka tokony hahasarika mpampiasa vola no hitondra fampiakarana ny harin-karena eto amintsika.

Tapaky ny mpivory fa ahemotra amin'ny fivoriana ara-potoana voalohany amin'ny taona 2020 ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity. Nanizingizina ny Vaomiera, fa io Tolo-dalàna io ihany no hodinihana amin'io fotoana io, fa fanatsarana kosa ny an'ny Minisitery.

Nifarana tamin'ny 7 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa nangataka ny hanemorana ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity ny vaomiera araka ny voalaza tao amin'ny tatitra saingy ny fivoriambe no manana fahefana momba izany, hoy izy.

Nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, tompon'ny Tolo-dalàna, hitondra fanazavana amin'ny antony nahatonga azy hahemotra. Nambarany fa tsy tanteraka ny asam-baomiera saika natao tamin'ny Alatsinainy 2 Desambra 2019 lasa teo, satria tsy nanao fanamarihana momba ity Tolo-dalàna ity mihitsy ny Governemanta na efa nomena fotoana lava aza mba handinihana azy. Mazava tsara ny voalazan'ny Lalàmpanorenana, fa efa tokony ho natao tao anatin'ny fotoana fohy ny lalàna mikasika ny sarimihetsika. Tamin'ny taona 2017, lany teto amin'ny Antenimierampirenena io lalàna io; tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Minisitery tamin'ny asam-baomiera dia nambaran'izy ireo, fa Solombavambahoaka miisa 47 no nandany izany. Nolazain-dRamatoa Minisitry, fa lalàna tsy mari-potra rehefa nangatahana ny fanafoanana azy satria Solombavambahoaka roa ihany no nandany izany.

Manarak'izany, nilaza ihany koa ny Minisitery, hoy izy, fa tsy tokony hisy lalàna manokana momba ny sarimihetsika izany eto amintsika kanefa maro ny lalàna misahana ny sehapihariana misy amin'izao fotoana izao. Ohatra amin'izany, ny fizahantany sy ny asa tànana.

Noho izany, nahoana no tsy azo anaovana lalàna manokana ny sarimihetsika kanefa anisan'ny seha-pihariana goavana ary ahazoana mamorona asa betsaka, mbola azo anampiana ny harin-karena eto Madagasikara ihany koa.

Mikasika ny fanafoanana hatrany, misy andininy telo tao amin'ny lalàna; voalohany milaza fa nofoanana ny lalàna; faharoa manao hoe: ny Minisitery no misahana ny sarimihetsika ary fahatelo «en raison de l'urgence et sa préjudice de sa publication, la présente ordonnance devient obligatoire». Izany hoe, fanafoanana avy hatrany no natao, nanapaka ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana hoe «l'autorité effective exclusive du Ministère en charge de la culture ne peut qu'avoir un caractère temporaire qu'il appartient à l'autorité compétente d'élaborer dans le meilleur délai une nouvelle loi régissant le secteur du cinéma».

Nilaza ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, hoy hatrany izy, fa tokony hovolavolaina haingana ity lalàna mikasika ny sarimihetsika ity. Nanohitra izany anefa ny Minisitery ary nandrirarira ny olona mpisehatra amin'izany sarimihetsika izany. Tomponandraikitra tanteraka amin'ny gaboraraka mety hitranga, indrindra ireo olona maro voakasika noho ny fanafoanana ny lalàna momba ny sarimihetsika ny Minisitery satria ireo rantsamangaika tsy mbola nandray karama nandritry ny 7 volana araka ny voalaza teo aloha. Ny olona mbola manana finiavana hamokatra rakitsary sisa no hita manao izany eto amintsika noho izay tsy fisian'ny lalàna mifehy ny sarimihetsika izay.

Noho izany, tsy maintsy miandry ny fivoriana amin'ny volana Mey 2020 indray vao afaka manolotra sy mandinika ity Tolo-dalàna ity ny Solombavambahoaka na eo aza ny zo feno ananany hanolotra Tolo-dalàna. Tombotsoa ho an'ny rehetra no antony nanaovana ity Tolo-dalàna ity kanefa tsy nisy fifampiresahana mihitsy avy tamin'ny Minisitery. Tsy fantatra mazava ny antony. Tsy misy na inona na inona azontsika atao, fa tsy maintsy miandry fotoana amin'ny manaraka indray vao afaka mandinika azy isika. Samia mandinika ny tokony hataony isika.

Rehefa izany, nanamarika Andriamatoa FERNAND Jeannot, raha nomena fitenenana, fa isaky ny mivory, tonga manatrika izany hatrany ny solotenan'ny Governemanta. Inona no antony tsy nahatonga azy ireo tamin'ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity.

Tsara raha mandray fepetra ny Birao Maharitra ato amin'ny Antenimierampirenena, mba tsy hataon'ny Minisitery fahazarana ny toa izany.

Nanambara Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, fa tsy misy lalàna ambara ampahibemaso raha toa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana izany. Mahagaga anefa ny teny nataon'ny Minisitery hoe tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana io lalàna io. Noho izany, tsara raha hamarinina izay zavatra izay, alohan'ny handraisan'ny Solombavambahoaka fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity.

Manarak'izay, tomponandraikitra feno amin'ny vahoaka isika Solombavambahoaka, anjarantsika no mitondra ny hetaheta any amin'ny Mpanatanteraka hanolorany vahaolana maharitra amin'izany. Nanao izay ho afany ny mpisehatra rehetra mikasika ny tontolon'ny sarimihetsika ary ny mpahay lalàna mba hizotra araka ny tokony ho izy ity Tolo-dalàna ity; nisy «ordonnance d'abrogation» nivoaka tampoka ary niteraka tsy fandraisan'ny mpiasan'ny OMACI karama nandritry ny 7 volana.

Nohamafisiny fa ny «loi de finances 2018» dia namaritra fa misy «taxes» miisa 19 azon'ny OMACI, izay mahatratra 3 Miliara Ariary. Tokony halalaka tsara ny tosika omena ny sehatra momba ny sarimihetsika eto amintsika. Tsara raha manao lalàna hafa isika satria fanapahana avy any amin'ny HCC, fa tsy «avis» no manery antsika amin'izany, araka ny voalaza hoe: «à caractère temporaire» no isahanan'ny Minisitery ny OMACI. Noho izany, lalàna misolo lalàna, fa tsy «décret» no ahafantsika mandray fanapahan-kevitra.

Momba ny «principe de séparation des pouvoirs»; manolotra lalàna any amin'ny Mpanatanteraka isika, ka anjaran'izy ireo no mijery izany, fa tsy manao fanakianana be fotsiny satria misy antony matoa atolotra azy ireo izany. Fanatsarana sy fanatevenana no hatao mikasika ny Tolo-dalàna tapaky ny Vaomiera izay nangatahana fanemorana ny fandinihana azy. Nanome toky ny Minisitery fa haka fotoana lava na «large consultation possible» hijery sy hanatsara azy io, ka amin'ny fivoriana manaraka, amin'ny volana Mey 2020 indray no fotoana handinihana izany eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary nilaza, fa tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra satria feno tokoa izay voalaza tao amin'ny tatitra mikasika ny fanemorana ity Tolo-dalàna ity.

Tokony nanatrika izao fivoriana izao ny solotenan'ny Governemanta na inona zava-misy eto, hoy Andriamatoa ROCHELIN Houssen. Iza no olona hanontaniana momba ity tatitra ity. Ny fomba fiasa hatramin'izay, tsy maintsy misy adihevitra ataon'ny Parlemanta sy ny Mpanatanteraka vao laniana ny Volavolan-dalàna na ny Tolo-dalàna, koa manentana anareo Birao Maharitra mba handray fepetra mikasika izany.

Nambaran'Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, fa tsy azo ekena ny teny nataon'ny Minisitery hoe: tsy azo anaovana lalàna ny sarimihetsika Malagasy. Tokony hisy mihitsy lalàna mifehy ny zavakanto, ny vakoka, ny hira ary ny kolotsaina Malagasy satria miteraka fitavozavozana eo amin'ny seha-pihariana eto Madagasikara raha tsy misy izany. Mbola manentana ny Birao Maharitra hanadihady ny antony tsy nahatongavan'ny solotenan'ny Governemanta nanatrika ny fivoriana.

Nilaza Ramatoa Filoha, fa hifanantona ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ka hiantso ny solotenan'ny Governemanta mba hahafantarana ny antony tsy nahatongavan'izy ireo tamin'izao fivoriana izao.

Taorian'izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra rehefa tsy misy handray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka, Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien ary nanambara fa raha te-hiresaka amin'ny Minisitry isika, aleo ahemotra ny fandinihana azy. Izay no tsara andraisana fanapahan-kevitra. Izany hoe ahemotra raha ny marina.

Afaka mandray fanapahan-kevitra hatrany isika na tonga eto na tsia ireo solotenan'ny Minisitery hoy, Andriamatoa DJAOSERA Irénée, raha nomena fitenenana.

Mila «décret d'application» ny fanapahana ataontsika ato amin'ny Antenimierampirenena hoy Andriamatoa SATRA Augustin, ka aleo ahemotra ny fandinihana ity Tolo-dalàna naroso ity.

Nitaona ny Solombavambahoaka, Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot amin'ny hanemorana ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity mba ahafahana mihaona sy mifampiresaka ao amin'ny Minisitara.

Nilaza Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tsy maninona raha ahemotra saingy aleo atao tsangan-tànana ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'izay, manao «abstention» ny rehetra.

Mbola nanao satroka Andriamatoa DJAOSERA Irénée ary nilaza fa azo atao ny fanemorana saingy tsy fantatra hoe amin'ny fotoam-pivoriana amin'ny volana Mey 2020 ve sa amin'ny daty hafa amin'izao fivoriana ataontsika izao ihany.

Sarotra ny hanapahana daty hafa handinihana ity Tolo-dalàna ity, hoy Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, satria tsy maintsy mandrafitra fandaharam-potoana vaovao kanefa tokony hanaraka izay tapaky ny vaomiera hatrany isika.

Androany ihany no fotoana hiantsoana ny Minisitara hampitana ny alahelon'ny olomboafidy, hoy Ramatoa Filoha, namaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka mikasika ny tsy fahatongavan'ny soloteny amin'izao fivoriana izao.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny Solombavambahoaka, nilaza Ramatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra mikasika ny fanemorana ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany. Solombavambahoaka iray no nitsipaka, iray ihany koa no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahemotra ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL «relative aux professions et activités du cinéma» natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, voafidy tao Vangaindrano.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa androany toloak'andro, hisy ny fivoriambe hifidianana ireo Solombavambahoaka tompo-toerana roa sy Solombavambahoaka mpisolo toerana roa ho eny anivon'ny Fitsarana Avo. Marihana fa efa nisy ireo Solombavambahoaka nametraka ny taratasy filatsahan-kofidiany. Mba hisian'ny fifandaminana, aleo averina indray mandeha ny fametrahana izany taratasy izany. Niangavy izay manana hetaheta hilatsaka, Ramatoa Filoha, mba hametraka ny taratasy filatsahan-kofidiany ao amin'ny Biraon'ny Sekretera Jeneraly manomboka amin'izao ora izao ka hatramin'ny 2 ora, tolok'andro.

Nanentana ny rehetra mba samy havitrika hamonjy an'io fivoriambe io izy tamin'izany.

Niato tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

